

Toriteny ho an'ny Sabatan'ny Fahafahana ara-pivavahana

ny 16 Janoary 2021

Nataon'I Pastora Ganoune Diop, PhD

Talen'ny Raharaham-panjakana sy ny Fahafahana ara-pivavahana, ao amin'ny Foibe Advantista Maneran-tany, sady Sekretera Jeneralin'ny Fikambanana Fahafahana Ara-pivavahana Iraisam-pirenena

Azo hampiasa malalaka na harindra ity toriteny ity ho amin'ny Sabatan'ny Fahafahana ara-pivavahana, miaraka amin'ny fankasitrahana an'i Dr Diop sy ny Sampana miandraikitra ny Raharaham-panjakana sy ny Fahafahana Ara-pivavahana GC.

Mifantoka amin'ny fahafahana: Fomba fijery ara-baiboly mikasika ny Fanomezan'Andriamanitra iray

Avy amin'ny fomba fijery am-pinoana ara-baiboly, ny hoe mifantoka amin'ny fahafahana, na Fahafahana ara-pivavahana, izay antsoina ihany koa hoe fahafahan'ny fivavahana na finoana, dia mifantoka amin'ny Filazantsara. Ankoatra ny maha lalàna sy fitaovana manan-danja eo amin'ny fanambarana iraisam-pirenena azy, eo amin'ny lalam-panorenana ny firerena maro, ny Fahafahana ara-pivavahana dia fanomezana ara-panahy natolotr'ilay Andriamanitry ny fahafahana izay namorona sy nampisy ny fahafahana hitia

Ny Fahafahana ara-pivavahana dia fepetra fototra takiana amin'ny fanekena atao amin'Andriamanitra, amin'ny fanekena atao amin'ny hafa eo amin'ny fiarahamonina mba hahatonga izany ho tena izy fa tsy sandoka. Izany no misy, dia satria tsy mba azo atao an-tery ny fitiavana. Avy amin'ny fanapahan-kevitra manokana vokatry ny safidy malalaka ihany manko no afaka mampisyy fitiavana. Raha ny marina, raha tsy eo ny Fahafahana ara-pivavahana sy ny singa fototra mandrafitra ny fahafahan'ny feon'ny fieritreretana, dia tsy ho azo tanterahana mihintsy ny demokrasia izay fandaminana heverina ho tsara indrindra hatreto, eo amin'ny sehatra ara-politika sy ara-tsosialy.

Fa ny zava-dehibe ambonin'izany, ny Fahafahana ara-pivavahana na ara-pinoana dia tsy afa-misaraka amin'ny Filazantsara.

Ny votoatin'ny Filazantsara izay mazava indrindra dia ny Fihavian'ny Mpamonjy. Misy fisehoany roa izany fihaviany izany mba hahatonga azy ho feno tanteraka. Ny fihaviana voalohany sy ny fihaviana fanindroany izay samy ataon'ny Iray ihany.

Ankoatra izany, raha ny fomba fijery araka ny fiangonana, ny ivon'ny maha Advantista, sy ny hafatra toriany ary ny iraka ataony, dia ny hafatry ny fihavian'ny Mpamonjy. Azo antsoina hoe faminanian'ireo faminania io hafatra io, izay miresaka momba ireo fotoana anankiroa. Ny fahatongavan'ny Zanakalahin'Andriamanitra ho tonga nofo sy ny fihavian'ilay miendrika zanak'olona na zanak'olombelona.

Ireo fihaviana roa ireo dia samy fahafahana avokoa.

Ilay voalohany, izay tonga teo amin'ny faratampon'ny fahatanterahany teo an-kazo fijaliana sy tamin'ny fitsanganana tamin'ny maty, ary ny fiakarany hanao fanompoam-pisoronana any andanitra, dia tena mikasika ny fahafahana. Hoy indrindra Jesosy nanamarika izany tamin'ny teny nataony tao amin'ny synagoga tao Nazareta :

“Ny Fanahin'I Jehovah no ato amiko, satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy ; naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra Izy, sy fampahiratana amin'ny jamba; hanafaka izay nampahoriana, hitory ny taona ankasitrahana'I Jehovah.”
(Lioka 4:18)

Ao amin'io andalan-teny io, dia misy famerimberenana ny tena mahaizy marina ny fahafahana: fahafahana ho an'ny babo, fahafahana ho an'ny ampahoriana sy famontsorana-keloka faobe amin'ny taom-pahafahana na taon-jobily. Ho fanampin'izany dia azo resahana ny fahafahana avy amin'ny fahantrana sy ny fahafahana avy amin'ny tsy fahafaha-manao.

Ampahany amin'ny asam-panafahana no nanomboka ho tanteraka tamin'ny asa natao'i Jesosy teto an-tany. Nanasitrana ny marary Jesosy, nampahiratra ny jamba, nanasitrana ny malemy, nanagnana ny maty, eny fa na dia tsy midika akory izany fa tsy azon'ny fahafatesana intsony ilay olona, satria fantatsika fa maty ihany Lazarosy taty aoriana na efa natsangana tamin'ny maty aza. Tsy kisendrasendra ny ilazan'ny Filazantsaran'i Jaona ireo asam-panasitranana nataon'I Jesosy ho famantarana. ao amin'ny Jaona 2:11 dia toy izao manaraka izao no ilazany azy: “Izany no nataon'I Jesosy tao Kana any Galilia ho voaloham-pamantarana, ka nasehony ny voninahiny; ary nino Azy ny mpianany.”

Ao amin'ny Kolosiana 2 dia mampahatsiahy antsika ny apostoly Paoly fa teo an-kazo fijaliana dia voavela isika, izay midika fahafahana avy amin'ny fahadisoana sy fahamelohana. Nofonany'I Kristy ny firaketana ireo trosantsika izay miampanga antsika araka ny fitakian'ny lalàna. “Ary novonoiny ny soratanan'ny didy izay niampanga antsika; dia nesoriny tsy ho eo mihitsy izany ka nohomboany tamin'ny hazo fijaliana” Ambonin'izany, “nesoriny tsy ho eo amin'ny tenany ny fanapahana sy fahefana, ary noho ny hazo fijaliana dia nasehony miharihary ny fitondrany ireo toy ny fanaon'izay avy nandresy” (Kol 2:13-15). Io dia vaovao mahatalanjon'ny fahafahana.

Misy ireo asan'Andriamanitra, asam-panafahana, izay ho tonga amin'ny fahatanterahany feno amin'ny Fihavin'I Kristy fanindroany, ary hitoetra mandrakizay izany. Ohatra amin'izany, amin'ny Fihaviany Fanindroany, isika dia hafahana amin'ny toetra maha marefo antsika sy maha marefo ny vatantsika tratran'ny lo izay mora idiran'ireo valan'aretina sy bakteria ratsy ary mikroba sy ireo singa mpitondra aretina rehetra izay mankarary.

Amin'ny fihavian'I Kristy Fanindroany dia hisy fahafahana, tsy amin'ny aretina fotsiny ihany fa amin'ny ady ihany koa, fahafahana amin'ny herisetra sy fanitsakitsahana ireo ny mahaizy ny olona, na ara-batana izany na ara-pihetseham-po na ara-taina na ara-panahy na ara-tsosialy. Hisy fahafahana amin'ny fanavakavahana na fanaovana herisetra vokatry ny finoan'ny isambatan'olona. Izany no ho tena fihaviam-piadanana feno sy fandriam-pahalemana tanteraka.

Na izany aza anefa, dia misy ireo endriky ny fanafahana izay efa isitrahantsika sahady. Ny fihavin'I Kristy voalohany dia niantoka ho antsika ireto zavatra manaraka ireto:

1. Nafahana tamin'ny fisarahana mandrakizay tamin'Andriamanitra isika. Ny fahazoana antoka fa ny fahafatesana faharoa dia tsy hanam-pahefana amin'ireo izay mino an'I Jesosy araka ny nampanantenainy.
2. Nomena fahafahana hiombona sy hanana firaisana amin'Andriamanitra isika. Ny fanekena vaovao dia namerina amin'ny laoniny ny fifandraisana mivantana amin'Andriamanitra amin'ny anaran'I Jesosy araka ny fiasan'ny Fanahy Masina.
3. Nafahana tamin'ny fanamelohan'ny ota isika araka ny voalazan'ny Romana 8:1, "Ary amin'izany dia tsy misy fanamelohana ho an'izay ao amin'I Kristy Jesosy."
4. Nafahana tamin'ny herin'ny fahotana isika.
5. Nafahana isika mba hikambana amin'I Kristy. Ny anjarany no lasa
6. anjarantsika, ny fahamarinany tonga fahamarinantsika, ny fiainany lasa fiainantsika. Efa maty niaraka taminy isika ary ankehitriny dia natsangana miaraka Aminy. Amin'ny fomba ofisialy dia mambran'ny fanjakan'ny lanitra izay Azy isika. Eny fa na dia mivavaka aza isika ka manao hoe "Ho tonga anie ny fanjakanao, Hatao anie ny sitraponao ety an-teny tahaka ny any an-danitra", dia manambara ny faniriansika fatratra ny fihavian'I Jesosy fanindroany isika, rehefa hametraka ny fanjakany izy amin'ny farany.

Ilay fihaviana voalohany dia nanome antoka fahafahana amin'ny fanamelohana, fahafahana amin'ny herin'ny fahotana. Ny fihaviana fanindroany kosa izay hialohavan'ny fitsarana mikasika ny ho anjaran'ny tsirairay mifandraika amin'ny fifandraisany tamin'ny mpamonjy dia ho tanteraka amin'ny faratampony eo amin'ny fahatongavan'I Kristy fanindroany. Izany dia hanome antoka fahafahana amin'ny fisian'ny ratsy, fahafahana amin'ny fisian'i Satana, ary fahafahana amin'ny fahafatesana.

Ny fanomezana sarobidy indrinda dia ny antoka fa hafahana amin'ny fisarahana amin'Andriamanitra isika. Izany dia ho fahafahana handray ny fanomezan'ny fiainana mandrakizay, ny fanomezan'ny tsifahafatesana sy ny fiarahana mandrakizay amin'Andriamanitra miaraka amin'ny taranak'olombelona voavotra, ireo vahoakan'Andriamanitra manerana ny tontolo rehetra.

Ny Filazantsara noho izany dia mikasika indrindra ny Mpamonjy sy ny fitiavan'Andriamanitra azo tsapai-tanana ho an'ny zanak'olombelona izay noforonin'Andriamanitra araka ny endriny.

Mandalina ireo fahamarinana ireo amin'ny alalan'ireo soratra voarakitry ny baiboly

Ny Filazantsara dia miresaka momba ny fahatongavan'ny mpamonjy iray izay efa nambaran'ireo mpaminany mialoha.

Naminany toy izao Isaia:

“Fa Zaza no teraka ho antsika, Zazalahy no omena antsika; Ary ny fanapahana dia eo antsony, ary ny anarany atao hoe Mahagaga, Mpanolo-tsaina, Andriamaintra Mahery, Rain’ny mandrakizay, Andrian’ny fiadanana. Ny handrosoan’ny fanapahana sy ny fiadanana dia tsy hanam-pahataperana. Eo amin’ny seza fiandrianan’I Davida sy ny fanjakany, mba hampitoerana azy amin’ny rariny sy ny hitsiny hatramin’izao ka ho mandrakizayny fahasaropiaron’I Jehovah Tompon’ny maro, no hahatanteraka izany.” (Isaia 9:5-6)

Ny Testamenta Vaovao dia manomboka amin’ny safidy mazava natao ny amin’ny anarana nomena an’I Jesosy Kristy. Izy ilay zanak’i Davida. Izy dia Zanak’i Abrahama. Ireo anarana roa ireo dia samy fahatanterahan’ny teny fikasana nataon’Andriamanitra tamin’i Davida sy Abrahama.

Tamin’i Davida no nitenenan’Andriamanitra fa tsy hisy ho banga amin’ny taranany hipetraka eo amin’ny seza fiandrianana. Ny olana anefa dia tamin’ny tarana-panjaka avy tamin’i Davida dia niafara tamin’ny fanafihana an’i Joda, ka lasa babo sesitany ny mpanjaka farany tamin’ily firenena resy. Matio dia miteny amin’ny mpamaky azy fa ilay tena mpanjaka, taranak’i Davida dia tonga amin’ny alalan’I Jesosy Kristy.

Avy eo ilay hoe zanak’i Abrahama dia manambara koa fa ilay taranak’i Abrahama, ilay iray izay hiavian’ny fitahiana, dia tonga ao amin’I Jesosy Kristy, ilay zanak’i Abrahama.

Fa ao amin’ny Filazantsara kosa, Jesosy dia namerimberina ka nilaza ny tenany ho ny zanak’olona na zanak’olombelona, toy ny milaza amintsika fa efa tonga ilay mpisolotena ny fianakavian’olombelona.

Raha araka ny firenena dia zanak’i Davida I Jesosy, fa raha araka izao tontolo rehetra izao kosa dia Ilay Zanak’olombelona Izy. Raha ny tena izy, ny Filazantsara dia ilay fanafahana ny taranak’olombelona amin’ny ratsy, fanafahana amin’ny famaboan’ny fanahy ratsy sy ny fitoerany eto ka nanova ity planeta tany ity ho toerana hanjakany.

Io fanafahana hevitra notinapak’Andriamanitra. Andriamanitra ao amin’I Kristy tonga nofo no manatanteraka izany fanafahana izany.

Ilay Zanak’Andriamanitra dia Zanak’Olombelona ihany koa. Io no mampiavaka ny finoana kristiana. Nofihinin’Andriamanitra ny fianakavian’olombelona mba hanehoany fikambanana aminy ary nafahany ny fianakavian’olombelona. Raha miresaka mikasika ny fahatongavana ho nofo kosa sy ny asa fanelanelanana ataony amin’ny maha Mpisoronabe dia toy izao:

“Koa satria manana nofo aman-drà ny zaza, dia mba nandray izany koa Izy, mba handringanany amin’ny fahafatesana ilay manana ny herin’ny fahafatesana, dia ny devoly, ary mba hanafahany izay rehetra nandany ny fiainany rehetra tamin’ny fahandevozana noho ny tahotra ny fahafatesana. Koa amin’izany dia miendrika mba hatao tahaka ny rahalahiny amin’ny zavatra rehetra Izy, mba ho Mpisoronabe mamindra fo sy mahatoky ny amin’Andriamanitra, mba hanaovany fanavotana nohony heloky ny olona. Fa satria nalaim-panahy ny tenany tamin’ny fahoriana nentiny, dia mahavonjy izay alaim-panahy koa Izy.” (Hebreo 2: 14-18)

Ny asa ataon'ny Mpisoronabe dia anisan'ny asam-panompoana fanafahana ataon'Andriamanitra. Io dia anisan'ny fahatsaran'ny hafatra Advantista. Mialoha ny fihavian'I Kristy fanindroany, ny Mpisoronabe dia raikitra ao amin'ny asam-panafahana; fanafahana amin'ny tahotra, fanafahana amin'ny tahotry ny fahafatesana izay hamatoran'i Satana ireo tsy mifandray amin'ily Mpisorona be. Io Mpisoronabe io izay voalaza ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy, dia miteny amin'ny fiangonany mba hanafahany ireo mpanaraka Azy rehetra amin'ny tahotra, hanafaka azy ireo amin'ny marimaritra iraisana, amin'ny fahavitan-tena samirery, raha tsy hilaza afa-tsy ireo vitsivitsy ireo amin'ireo sakana tsy hahafahana manana fikambanana tena izy amin'Andriamanitra. Ny asan'I Jesosy amin'ny maha Mpisorona Azy dia tafiditra tanteraka ao amin'ny drafi-panavotana izay novolavolain'Andriamanitra Antoky ny drafi-panavotana ny fahatongavan'ny Teny ho tonga nofo. Ny Filazantsaran'i Jaona dia milaza amintsika fa ny Teny dia Andriamanitra ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika. Antoky ny asan'ny Teny ny fanafahana amin'ny tsy fahalalana an'Andriamanitra. Milaza i Jaona fa : “tsy nisy nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana, fa ilay Andriamanitra ihany (Zanakalahy Tokana), izay ao an-tratran'ny Ray, izy no nanambara Azy.” Ny teny dia manafaka antsika amin'ny hevi-diso mikasika an'Andriamanitra. Ny fahamarinana mikasika an'Andriamanitra dia avy amin'I Jesosy. Ny fahasoavana avy amin'Andriamanitra dia tonga amin'ny alalan'I Jesosy Kristy. Ny fahamarinana sy fahasoavna dia tena anisan'ny drafi-panavotana, izay samy entin'I Jesosy.

Ny fototra iorenan'io famonjena dia any hery manosika an'Andriamanitra aseho amin'ny toetrany. Andriamanitra dia fitiavana (1 Jaona 4:8). Tia fatratra izao tontolo izao Andriamanitra “ka nomeny ny Zananilahy Tokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay” (Jaona 3:16).

Ka ny fitiavana izany no ivon'ny drafi-panavotana manontolo.

Fitiavana ihany koa ny fanamarinana sy tanjon'ny fahafahana. Naseho izany ao amin'ny Galatiana 5, raha nanambara i Paoly fa : “Ho amin'ny fahafahana no nanafahan'I Kristy anstika”. Nolzainy mazava tsara ka fa ny fiainam-pahafahana dia tsy afa-misaraka amin'ny fiainana izay tarihin'ny Fanahy Masina. Hazavainy fa “Fa izahay amin'ny Fanahy sy noho ny finoana dia miandry ny fanantenana ny fahamarinana. Fa ao amin'I Kristy dia tsy mahasoana na ny famorana na ny tsifamorana, fa ny finoana izay miasa amin'ny fitiavana. (Galatiana 5:5-6). Any amin'ny andininy hafa ny apostoly Paoly dia manoritra manokana fa ao amin'izay misy ny Fanahy no misy fahafahana” (2 Kor 3:17).

Ny faratampon'ny famelabelarana ny Galatiana 5 dia izao : Ny finoana kristiana manontolo toriana amin'ny alalan'ny maha tena izy ny fahafahana. Izany dia vokatry ny Fanahy Masina, ary ny fitiavana no voalohany amin'izany, izay tena fanehoana fahafahana. Ireo vokatry hafa ny Fanahy Masina dia tsy afa-misaraka amin'ny fahafahana koa tahaka ny fitiavana. Ny fifaliana izany, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemam-panahy, fahonona-po. Ireo vokatry rehetra ireo dia toriana amin'ny alalan'ny tena maha izy ny fahafahana.

Ny vokatry ny Fanahy Masina dia manafaka antsika amin'ny fankahalana. Ny finoana kristiana dia mitaky fitiavana ny fahavalo. Manamafy izany ny apostoly Paoly fa raha tsy misy fitiavana dia zava-poana na dia ny faminiana aza. Zava-dehibe ho an'ireo vokatry ny Fanahy Masina rehetra ny fahafahana.

Ny olona manana fahafahana ihany no tena afaka misitraka hafaliana. Ny olona afaka dia olon'ny fihavanana. Hoy Jesosy “Sambatra ny mpampihavana fa izy no atao hoe zanak’Andriamanitra”. Ny olona afaka ihany no mandray ny fahari-po ho toetra tsara ananana ka manantena ny Tompo sy mamela an’Andriamanitra ho tena Andriamanitra. Ny olona afaka ihany no mandray ny fahamorampahany sy fahalemampanahy ary fanaovan-tsoa ho toetra tokony atao amin’ny hafa. Ny olona afaka ihany no mandray ny fahamarinana (na fahatokiana) ho toetra ara-moraly tsara izay maneho ny toetrany, izay maneho fahatokiana sy fanoloran-tena amin’ny tanjon’Andriamanitra ho an’izao tontolo izao. Ny olona afaka ihany no mahafehy nyfironany sy ny faniriany hilefitra tanteraka hifanaraka sy hifandrindra amin’ny toetran’Andriamanitra voambara. Ny olona afaka ihany no tsy hilefitra amin’ny fanjakazakan’ny fitiavan-tena sy ireo fitakiana tsy tambo isaina handrasana avy amin’ny hafa.

Ny fahafahana izany dia voatosiky ny sitrapo avy amin’Andriamanitra. Fa izay itoeran’ny Fanahin’ny Tompo no itoeran’ny fahafahana (2 Korintiana 3:17).

Rehefa miresaka ny fifandraisana misy eo amin’ny fahafahana sy ny Zanak’Andriamanitra dia misy lafin-javatra maro izay ilaina heverina tsara.

Jesosy dia nilaza fa raha ny Zanaka no manafaka anareo dia ho afaka tokoa ianareo.

Miseho amin’ny endrika maro ny fomba hitondran’I Jesosy fahafahana. Ny anarany dia tsy azo hiadian-kevitra fa mifandray amin’ny fahafahana. Izany dia midika hoe “Yahweh dia Mpamonjy”. Amin’ny teny hafa dia midika hoe Andriamanitra no mamonjy antsika, fa tsy voary hafa, tsy anjely, na fanahy, na olombelona, fa Andriamanitra. Andriamanitra irery ihany no manana fahefana manafaka antsika.

Ny vahoakan’Andriamanitra sy ny Filazantsara mandrakizay: Ny Filazantsara ao amin’ny Hafatry ny Anjely telo

Teny manokana no ampiasaina ao amin’ny ivon’ny bokin’ny Apokalypsy, dia ny Filazantsara mandrakizay. Ny Filazantsara mandrakizay dia ilay Filazantsara tsy miova. Toy ny vatosoa misy lafiny maro tsara tarehy izany.. Rehefa nanapakevitra hamorona izao tontolo izao Andriamanitra, dia tsy mna tratry ny tsy nampoizina, efa namolavola koa drafi-panavotana koa Izy.

Hiteny amin’ireo voavotra Jesosy manao hoe: “Avia ianareo izay notahian’ny Raiko ary midira amin’ny fanjakana izay voavotra ho anareo hatrizay nanorenana izao tontolo izao. (Matio 25:34). Andriamanitra dia efa nanomana fanjakana ho an’ireo voavotra mialoha ny fanorenana izao tontolo izao.

Mba hahatakarana ny hevitra ny teny hoe “Filazantsara mandrakizay”, dia milz heveria tsara maintsy mametraka ho zava-dehibe ireto manaraka ireto:

Tsy misy toko na ampahan-dahatsoratra mitokana samirery ao amin’ny bokin’ny Apokalypsy> mifandray avokoa ny toko rehetra.

Ny Filazantsara dia aseho amin’ny fahafenoany ao amin’ny toko rehetra.

Ao amin’ny toko voalohany Jesosy dia manonona izao fiderana an’Andriamanitra manaraka izao, izay misy dikany tokoa ary mifandray amin’ny maha tena izy ny fahafahana:

“Avy amin’I Jesosy Kristy, Vavolombelona marina sy Lahimatoa amin’ny maty ary Lehiben’ny mpanjaka amin’ny tany. Ho an’izay tia antsika ka namaha antsika ho afaka amin’ny fahotantsika tamin’ny ràny, sady efa nanao antsika ho fanjakana, dia mpisorona ho an’Andriamanitra Rainy, ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay Amena. Indro Izy avy amin’ny rahona, ary ny maso rehetra hahita Azy, na dia izay nandefona Azy aza; ary hitomany Azy ny firenena rehetra ambonin’ny tany. Eny, Amena.” (Apok 1:5-7).

Ao amin’ny toko 5, ohatra, raha tsy misy na dia iray aza mendrika hanokatra ny boky, raha tsy misy ilay Iray izay hany afaka mampisy fiainana, dia ho zava-poana ny zavatra rehetra. Raha toa ka tsy novonoina ny Zanak’ondry ary natsangana dia ho tsy nanana ny hoaviny ny tontolontsika. Kanefa efa nandresy ny liona avy amin’ny fokon’i Joda. Nitondra ny Fanekena Vaovao Izy, nanao antsika ho mpisorona sy mpanjaka Izy.(Apokalypsy 5:9-10). Nandresy ny fahakiviana nasehon’ny fitomanian’ny apostoly Jaona indray ny fanantenana.

Ny Filazantsara mandrakizay dia manana endrika marolafy izay azo antoka fa misy ny Filazantsaran’ny fitsarana, satria efa nambara tamintsika fa tonga ny andro fitsarana. Vaovao mahafaly izany. Amin’ny lafiny iray, tsy ho rava Babylona raha tsy tonga ny andro fitsarana. Kanefa tsy tiantsika tsy ho fantatra ny refy samihafa ao amin’ny Filazantsara mandrakizay. Mety ny hanindry ny iray izay mamatotra sy mamehy izany Filazantsara izany. Ny Filazantsara dia resaka fahafahana.

Ny Filazantsara mandrakizay dia miorina tanteraka amin’ny fahafahana, fanafahana amin’ny famaboan’ny fahadisoam-panantenana sy ny zava-poana, fanafahana amin’ny fahefana mpanjakazaka sy mpampahory, fanafahana amin’ny dragona sy bibidia. Mikasika ny fampiantranoana ihany koa izany, sy ny fampidirana ho ao amin’ny fanjakan’I Jesosy Kristy ilay Zanak’Olona. Ao amin’ny tontolon-kevitra ny hafatra ny anjely telo, ny Filazantsara dia fanafahana amin’ny fanompoan-tsampy

Fanafahana amin’ny fahababoana ao Egipta sy Babylona

Fahafahana amin’ny fizarana ny anjaran’ny fahavalon’Andriamanitra sy ny fanafoanana azy ireo.

A – Ny Hafatra ny Anjely voalohany

*Ny hafatra ny anjely voalohany, rah any tena izy dia fahafahana amin’ny fanompoan-tsampy.

*Fanasana ny olona mba ho amin’ny fiainana, ho amin’ny fahatahorana an’Andriamanitra, hisaintsaina ny amin’Andriamanitra, ka hiaina tsy tapaka eo amin’ny fanatrehan’Andriamanitra izay midika ho fanana toe-panahy araka an’Andriamanitra. Asaina isika mba hanana fiainana manaiky ny fiandrianan’Andriamanitra sy ny lalan’Andriamanitra. Manome an’Andriamanitra ny voninahitra rehetra isika rehefa mankasitraka Azy amin’ny maha Mpahary Azy.

B - . Ny Hafatra ny Anjely faharoa

Mikasika ny fahafahana sy ny fiafaran’ny sesesitany, fahafahana amin’ny fampahoriana, fahafahana amin’ny fanapahan’ny fitondrana mpanjakazaka tanteraka na ara-politika izany na ara-pivavahana. Fahafahana amin’ireo hafatra sy fahagagan’i Babylona.

Rehefa nolazaina ny vahoakan'Andriamanitra fa rava Babylona, dia azon'izy ireo ny heviny fa fotoan'ny fifindra-monina izany, fiverenana an-tanindrazana, ary fikambanana indray amin'Andriamanitra. Izany dia ilay fihavian'ny fahafahana. Io ilay vaovao mahafalin'ny tafaverina an-tanàna ihany amin'ny farany.

D – Hafatry ny anjely fahatelo

*Fanasana mba hisafidy arak any fotokevitra ny fahafahana

*Fampitandremana ny amin'ny vokatra ny safidintsika eo amin'ny fiainana

*Fanasana mba handray ny fahamarinan'Andriamanitra. Fahafahana amin'ny fahalotoana

*Antso ho amin'ny fanokanan-tena tanteraka ho an'Andriamanitra, sy fanoloran-tena tsy miovaova hiandany amin'Andriamanitra.

Fiheverana momba ny Fanomezan'ny Sabata sy ny Filazantsara

Zava-dehibe tokoa ny manambara fa ny Sabata dia tsy mamonjy na iza na iza. Tahaka ny fanomezan'ny fahasoavana, ny sabata dia fanomezan'Andriamanitra. Iray ihany no mpamonjy, Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra. Nomen'Andriamanitra tamin'ny famoronana ny fanomezan'ny Sabata, ary nomeny ihany koa ny didy tao Sinay mba hahatsiarovan'ny vahoakany ny famoronana. Ny Sabata no tsingerina fahatsiarovana, tsy ny famoronana fotsiny ihany izay voazava tsara ao amin'ny didy folo, fa fampahatsiahivana sy fahatsiarovana ny fanafahana antsika ihany koa. (Deutoronomia 5:15)

“Ary tsarovy fa andevo tany Egipta hianao, ka tanana mahery sy sandry nahinjitra no nitondran'I Jehovah Andriamanitrao anao nivoaka avy tany; izany no nandidian'I Jehovah Andriamanitrao anao hitandrina ny andro Sabata.”

Ny Sabata dia andro fahatsiarovana ny fahaleovan-tena mitohy mandrakizay izay ankalazaina isan-kerinandro.

A. Ny maha zava-dehibe sy ny ivon'javatra ny Eksodosy (Fahafahana) ary ny anjara asan'ny Sabata.

Ny zava-nitranga tao amin'ny eksodosy na fahafahana, dia fanorenan'ny fivavahana ara-baiboly. Fampahalalana fototra ny amin'ny fahatakarana ny fifandraisan'Andriamanitra amin'ireo vahoaka nofidiny sy izao tontolo izao. Ny fahatakarana ny jodaisma dia mifototra amin'io tranga sy fotoana io. Toy izany ihany koa, ny maha kristiana, ary indrindra ny asa fanompoama ataon'i Jesosy dia tsy ho takatra araka ny tokony ho izy raha tsy tarafina ao amin'io fotoan'ny eksodosy io. Ny lohahevitra lehibe mikasika ny famonjena, ny Filazantsara, ary ny fanjakana dia tsy afa-misaraka amin'ny lohahevitra ny eksodosy.

Firafitra

Mba hahatakarana ny Sabata ho toy ny fanomezana ao amin'ny ivon'ny fanekena ifanaovan'Andriamanitra amin'ny vahoakany, dia ilaina ny manao jery todika ny bokin'ny Eksodosy mba hanangonana ireo fiheverana ilaina. Ny bokin'ny Eksodosy dia voarafitra amin'ny

lohahevitra telo: Fanafahana, fanekena, ary fiankohofana. Ny fotoana izay nandrafitra ny tantaran'ny Israely manontolo dia azo antoka fa ny fifindrana avy any Egipta.

Ny bokin'ny Eksodosy dia manome amtsika ireo lohahevi-dehibe izay hovelabelarina manerana ny Soratra Masina. Ny firafitry ny bokin'ny Eksodosy dia tsotra saingy lalina. Nalamina amin'ny fomba mifandringotra amin'ireto lohahevitra manaraka ireto: fanafahana, fanekena (fanjakana, lalàna ary fanavotana), ary fiankohofana.

- I Fanafahana nambara (1-6:27)
Fampahoriana tao Egipta, Fiantsoana an'I Mosesy
- II Fanafahana nahemotra aoriana (6:28-11) Loza tao Egipta, Fandavan'i Farao
- III Fanafahana tanteraka (12-16) Loza farany
12-13: ireo lalàna mikasika ny Paska, mofa tsy misy masirasira, fanafahana ny voalohan-teraka, fahagagan'ny ranomasina
- IV. Fanekena tao Sinay (17-24:11)
Fihaonana tamin'Andriamanitra
Ny Didy folo (20:1-17)
Ny toromarika fanatanterahana ny fanekena (20:22-23-33)
Famintinana ny Fanekena
- V Fiankohofana nambara (24:12-31) Ny fananganana ny Fitoerana Masina nambara tamin'I Mosesy
- VI Fiankohofana nahemotra aoriana (32-34)
Ny olan'ny ombilahikely volamena : Fampihavanana indray
Toromariky ny fombam-pivavahana 34:14-26
- VII Fiankohofana tanteraka (35-40) (Jereo E. Zenger, *Israel am Sinai. Analysen und Interpretationen su Exodus 17-34*, Altenberge, 1982: cf. C. Wiener. *Le Livre de l'Exode* (Cahiers Évangile 54), Paris, Cerf, 1985, p. 11ss.)

Ny dingana mandroso

Ny fandrosoana manontolo dia fiovan'ny toerana nisy tamin'ny voalohany, avy amin'ny fahandevozana ho amin'ny fananganana anaka.

B. Ny fanekena sy ny Fanomezan'ny Sabata

Ny fampakarana ho eo amin 'ny satan'ny zanaka dia natao tombokase tamin'ny alalan'ny fanekena ary nampiarahana tamin'ny fanomezana, dia ny fanomezan'ny lalàna. Ny tanjon'ny lalàna ara-baiboly dia natao hiaro ny taranak'olombelona sy ny fifandraisan'izy ireo. Ao amin'ny ivon'ny lalàna no ahitana ny Sabata, izay famantarana araka ny ambaran'ny mpaminany Ezekielia.

Io famantarana io dia manan-danja tokoa ka mangataka ny vahoakany Andriamanitra mba hahatsiaro izany. Ny Sabata dia natao ho andro hahatsiarovana amin'ny fomba mavitrika. Amin'ny teny hebreo, ny didy dia mampiasa ny matoateny tsy miova, izay manana hery mihoatra ny mandidy. Nataon'Andriamanitra ho antsika ny Sabata, etsy andaniny, mba hahatsiarovana ny lasa: izany hoe hahatsiaro ny fanomezana feno fahasoavan'ny famoronana, fanavotana, fanamasinana, fifidianana, soatoavina; etsy ankilany kosa, ny nanomezana antsika ny Sabata dia fanampian'Andriamanitra hahatsiaro ny ho avy. Ny Sabata dia fanehoana mialoha, fanandramana mialoha ary fanatanterahana mialoha ny mandrakizay ho avy.

Amin'ny maha famantarana azy, ny Sabata dia toy ny vatosoa sarobidy marolafy izay manampy antsika hahatsiaro hoe iza moa Andriamanitra, iza isika, ahoana no hifandraisana amin'Andriamanitra, ary ahoana no hifandraisana amin'ny hafa.

Ny Sabata dia fanomezana iray eo afovoan'ny Lalana nomen'Andriamanitra. Natao mba hanondro izay tena misy dikany amin'Andriamanitra izany. Ny Sabata dia miresaka manontolo ny amin'ny fifandraisana; fifandraisana izay mifototra amin'ny fahatsapana ny soatoavina faratampony avy amin'Andriamanitra.

Amin'ny alalan'ny Sabata no hanamarian'Andriamanitra ny fitiavany sy ny firaisany amintsika.

Voalohany, ny Sabata dia mifandray amin'ny famoronana. Araka izany, izy dia manamarika na manondro hoe iza Andriamanitra, ilay Mpahary. Ny fiandrianan'Andriamanitra dia ankalazaina ao anatin'ny Sabata.

Ny Sabata ihany koa dia manondro hoe iza moa isika sy ny antony hoe nahoana moa isika no noforonina. Ireto manaraka ireto dia maneho ny Sabata ho ilay mpanamarika:

1. Andriamanitra dia mahay mamorona, ary anisan'ny toetran'Andriamanitra izany. Ny Sabata isika no mankalaza ny fahaizan'Andriamanitra mamorona.
2. Nahary antsika tahaka Azy sy araka ny endriny Andriamanitra.
3. Maniry ny hitahy antsika Andriamanitra.
4. Maniry ny ho fantatra Andriamanitra.
5. Maniry ny hanorina fanekena maharitra mandrakizay Andriamanitra
6. Maniry antsika hamaly fitiavana Azy Andriamanitra.
7. Manome antsika ny hafalian'ny firaisana Aminy andriamanitra.
8. Manome antsika tombontsoa manokana mba hiaina fianam-pahamasinana Andriamanitra, feno tanteraka mifanaraka Aminy.

Ho setriny, isika dia miaina fiananam-pankasitrahana, feno fatahorana an'Andriamanitra, mihevitra Azy amin'ny lalantsika rehetra, miambina amin'ny ratsy rehetra, manome an'Andriamanitra ny voninahitra rehetra sy miankohoka Aminy ao amin'ny fanahy sy fahamarinana.

Ireo mpitahiry ireo fanomezan'Andriamanitra dia manjary fanomezan'Andriamanitra ho an'izao tontolo izao.

Fampiharana

1. Ny Sabata dia mpampahatsiaro ny maha lohalaharana tanteraka an'Andriamanitra
2. Ny famoronana dia tokony haverina amin'ilay tena tompony marina
3. Satria isika nohariana araka ny endrik'Andriamanitra, dia tsy vokatry ny fisafidianana manokana tamin'ny kisendrasendra isika. Nandray ny fifidianana avy tamin'ny hery manokana isika.
4. Ny Sabata dia manipika ny fahasinan'ny fiainana manontolo, ao anatin'izany ny fotoana.
5. Amin'ny alalan'ny Sabata Andriamanitra dia manambara fa ny taranak'olombelona dia masina (tsy misy fanavahana, na lahy, na vavy, iray avokoa ao amin'I Kristy).
6. Ao anatin'ny Sabata, Andriamanitra dia manasa antsika mba hijery ny olona amin'ny fomba hafa, tsy ho toy ny zavatra ampiasaina, na zavatra diso fampiasa, na hararaotina, fa kosa ho toy ny fananan'Andriamanitra izay tsy tokony viraviraina.
7. Ny Sabata, araka izany, dia tombontsoa manokana tsara indrindra hamerenana ny fanajana ireo fifandraisantsika amin'ny hafa.
8. Ny Sabata dia tsy afa-misaraka amin'I Jesosy Kristy, ilay mpamerina amin'ny laoniny ny fahamendrehan'ny vahoakan'Andriamanitra, ilay fanomezana ambony indrindra nomen'Andriamanitra.
9. Ny Soratra Masina dia manambara an'i Jesosy. Rehefa nanao ny fanandraman'ny Fanafahana (Eksodosy) Jesosy dia hoy Hosea: "Nantsoiko hivoaka avy tao Egipta any zanako", dia namintina ny tantaran'ny Israely Izy. Ny Sabata dia manondro ny Tenany.
10. Mamintina ny tantaran'ny taranak'olombelona hatrany amin'i Adama I Jesosy. Voasongadina Izy ao ny Sabata, izay famantarana.

D. Jesosy sy ny Sabata

1. Manondro an'I Jesosy Kristy ny Sabata. Jesosy no faratampon'ilay fanekena. Izy ihany koa no faratampon'ny Sabata.
2. Manana ny dikany manokana ny Sabata rehefa mirehitra ny fitiavantsika an'I Jesosy Kristy
3. Rehefa mifaly ao amin'I Jesosy isika dia manana dikany manokana amintsika ny Sabata.
4. Jesosy no vavahadin'ny Sabata. Tsy misy na iza na iza miditra ny Sabata afa-tsy amin'ny alalany.
5. Nanomboka ny asa nataony Jesosy tamin'ny taon-jobily, izay mifandray amin'ny Sabata.
6. Nanatanteraka ny tanjon'ny taon-tsabata Izy. Nanolotra fanafahana, ilay fitsaharana, ary ilay firaisana izay nasongadin'ireo fety isan-tsabata.

7. Ny Sabata dia mifandray amin'ny Fitoerana Masina any an-danitra. Tamin'ny andron'ny israely fahizay, ny Mpisoronabe dia manao asa fanompoana manokana amin'ny Andro Fanavotana. Nitsangana tao amin'ny fitoerana masina indrindra ny Mpisoronabe nitondra ny anaran'ny zanak'Israely. Sabata io Andro Fanavotana io. Ankehitriny, Jesosy Kristy dia ao amin'ny Fitoerany Masina any an-danitra mitondra ny anarantsika eo an-tsony sy ao am-pony. Ao amin'ny Eksodosy 28:29, dia hitantsika fa nitondra ny anaran'ny zanak'Israely eo amin'ny saron-tratra fitsarana manolotra ny fony Arona, mba ho fahatsiarovana mandrakariva eo anatrehan'I Jehovah. Dia manao tahaka izany koa Jesosy ankehitriny. Mitondra ny anarantsika ao am-pony Izy. Fampaherezana manao ahoana loatra re izany izay mifandray amin'ny Sabata! Raha eo am-piandrasana ny fanantenana mahafinaritra isika, ilay andro izay hampidirana antsika ao amin'ny Sabata any amin'ny mandrakizay, dia afaka manandratra ny masontsika any amin'ilay Fitoerana Masina any an-danitra izay toerana hanadiovan'I Jesosy ireo boky firaketana, raha ny Fanahy Masina kosa manadio ny fisainantsika, ny fonsika, ary ny fanirantsika, ka manisy tombokase ao anatintsika ny fiainan'Andriamanitra ho amin'ny andro fanavotana farany. Kristy no ilay Mpisoronabe maharitra mandrakizay, ilay loharanon'ny famonjena mandrakizay (Heb 5:9). Mihazona ny Fisoronany foana Izy, koa noho izany dia afaka mamonjy antsika hatramin'ny farany sy mandrakizay (Heb 7:25).
8. Ny Sabata dia manisy lanjany ny tanjona ambony indrindra napetrak'Andriamanitra: firaisana mandrakizay ao amin'ny fitiavana, fahamasinana ary fahamarinana.
9. Ny sabata dia fanehoana mialoha ny mandrakizay.
10. Ny sabata dia fetim-pifaliana, fifaliana maharitra mandrakizay.

Famintinana : Tsoakevitra fototra

1. Ny teny izay mahalaza indrindra ny dikan'ny Filazantsara dia ny teny hoe fahafahana, ary ny hevitra izay mampivondrona ireo endrika samihafa an'izany fahafahana izany dia ny fanavotana, ilay asa faratampony ataon'Andriamanitra ho fampihavanana izao tontolo izao Aminy.
2. Ny Filazantsara dia ny herin'Andriamanitra ho famonjena ny olona rehetra izay mino. Manohy izany Paoly fa ao amin'ny Filazantsara, ny fahamarinan'Andriamanitra dia naseho avy amin'ny finoana ho amin'ny finoana, araka ny voasoratra hoe: ny marina amin'ny finoana no ho velona" (Romana 1: 16-17).
3. Ny Filazantsara no "toetran'Andriamanitra", Fahamarinan'Andriamanitra izay maneho ny asa maimaim-poana ataon'Andriamanitra ho an'ny taranak'olombelona, izay voarin'Andriamanitra araka ny Endriny. Ny mahalaza indrindra io toetra io dia ilay fanambarana ao amin'ny 1 Jaona 4:8, manao hoe: "Andriamanitra dia fitiavana".
4. Ny "toetran'Andriamanitra" dia naseho teo amin'ilay Iray izay fanehoana ny tena endrik'Andriamanitra na ny fanehoana ny natioran'Andriamanitra, araka ny voalazan'ny Hebreo 1:3.

5. Ny Filazantsara dia ilay vaovao mahafalin'ny fahazoana manatona mivantana an'Andriamanitra. Ny fiafaran'ny fanelanelanana. Io dia milaza ny amin'ilay fanekempahafahana vaovao avy amin'ny Fitoerana Masina teto an-tany, fahafahana amin'ny fivahiniana, fahafahana amin'ny zava-masina, fahafahana amin'ny olo-masina izay milaza ny tenany ho mpanalalana amin'Andriamanitra sy ny vahoakany.
6. Jesosy Kristy mihitsy no ilay Filazantsaran'Andriamanitra. "Fa tia izao tontolo izao fatratra Andriamanitra ka nomeny ny Zananilahy tokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay" (Jaona 3:16). Ny fahatongavan'I Jesosy ho nofo, ny fampianarany, ny fahafatesany, ny fitsanganany tamin'ny maty, ny fiakarany any an-danitra, ny asam-pisoronana be ataony, ny fametrahana eo aminy ny fiandrianana ary ny fanjakany amin'ny maha mpanjakan'izao rehetra izao, no Filazantsara.
7. Ary farany indrindra, ny Filazantsara dia fahafahana tanteraka hiankohoka amin'Andriamanitra sy hanana fahefana hiditra amin'ny firaisana mandrakizay amin'Andriamanitra ao anatin'ny fitiavana. Izany dia fahafahana hiankohoka sy hanana firaisana amin'Andriamanitra. Io lafiny io dia manamafy fa fangalarana ny tombontsoa manokana ananan'Andriamanitra ny fanakanana ataon'ny sasany tsy hamela ny olona sasany hanana fahafahana ara-pivavahana na fahafahan'ny feon'ny fieritreretana. Ny fahafahana tanteraka hiankohoka izay mifanaraka amin'ny feon'ny fieritreretana'ny tsirairay dia zon'olombelona fototra. Izany no antony maha zavadehibe ny fahafahana amin'ny dikan'ny maha-olona. Ny Filazantsara fa voary araka ny endrik'Andriamanitra isika dia midika fa ny olombelona dia tokony ho malalaka amin'ny famerenana fitiavana amin'Andriamanitra, malalaka amin'ny safidy izay hinoany sy tsy hinoany. Raha tsy misy io tombontsoa manokana anana io sy io fepetra takiana io, dia tsy afaka ny hamelana ny fitiavana.

Andriamanitra manko dia Andriamanitry ny Fahafahana. Aoka ny olona rehetra izay mifandray amin'I Jesosy mba hampandroso ny fahafahana tahaka izay nataony tao Nazareta.